


**FILAZANA MANJO**

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo, fa ny malalanay

**RAVELONTSALAMA**
**SALOMON GUILLEMET**

***Mpanao gazety***
***Tale Jeneraly niandraikitra ny Fandraharahana sy ny Toebola***
***La Gazette de la Grande Ile***

Dia nodimandry ny zoma faha-07 aogositra 2020 rehefa nivahiny 63 taona teto an-tany

Hoy :

***Ny vadiny*** : RAMANIVOSON Corrina
***Ny zanany*** : RAVELONTSALAMA Lovasoa Armelle sy BETUM Princy (Frantsa)
RAVELONTSALAMA Marc Salomon
***Ny zafikeliny*** : Iris, Chloé, Ethan

***Ny rafozany*** : BAKOLIARISOA Henriette

***Ny taizany*** : Tajo sy Tsoa, Misha, Tahiana sy Michou, Rina sy Soa, Andrinihery sy Anja, Priscilla, Jina, Ranitra

***Ny iray tampo aminy :*** Andriamatoa Razafindrabe Charles mivady sy ny zanaka aman-jafiny
Jeneraly Harson Hans mivady sy ny zanaka aman-jafiny
Ramatoa Rahanetra Jeannine sy ny zanaka aman-jafiny
Terak'i Ratsimba Rabearisoa Jimmy sy Amélie
Andriamatoa Andrianandraina Salomon Claude mivady sy ny zanany
Andriamatoa Andrianasolo Salomon Eugène mivady sy ny zanaka aman-jafiny
Andriamatoa Andrianandrasana Yves Salomon mivady sy ny zanaka aman-jafiny
Andriamatoa Randriamiharisoa Delphin Salomon mivady sy ny zanaka aman-jafiny
Andriamatoa Ramamonjisoa Bruno Salomon mivady sy ny zanany
Andriamatoa Raherimanantsoa Jean Michel Salomon mivady sy ny zanany
***Ny iray tampo amin'ny vadiny:***
Razafinjatovo Andriatiana René sy Voahanginirina sy ny zanaka aman-jafiny
Ramanivoson José Patrick

***Ny fianakaviana manontolo***

Ny Fokontany Ilafy
Ny Fokontany Ambanitsena
Ny Fokontany Miaramasoandro, Antsirabe
Ny Fiangonana Aumonerie Militaire Betongolo
Ny Fiangonana Miarinkofeno - Antsirabe

*Ny nofony dia hiala ao amn'ny morgue, Hopitaly Befelatanana ny Asabotsy faha-08 aogositra 2020 amin' ny 8 ora 30, ary apetraka ao amin'ny fasany ao Ambanitsena (RN2 pk 25)*

***" Efa niady ny ady tsara aho ; nahatanteraka ny fihazakazahana aho; nitahiry ny finoana aho",***
***2 Timoty 4:7***

Lasa nandeha nandao ity tany fandalovana ity izy, ny 7 aogositra 2020. Satria nantsoin'ny Ray hody any aminy, teo amin'ny faha-63 taonany.

Fa ny asa sorany kosa dia hitoetra ho an'ny taranaka fara aman-dimby, mikasika ny sehatra ekonomika sy politika malagasy.

Efa ela tokoa i Salomon izay manao sonia ny lahatsorany amin'ny hoe Sa fotsiny ihany, no nanao ny asa fanaovan-gazety.

Teo amin'ny roampolo taona teo ho eo izy no niasa tao amin'ny gazety Midi Madagasikara (1984-2003). Fanoratana amin'ny teny frantsay no nanavanana azy kokoa eo amin'ny sehatra ekonomika. Fa sekreteran'ny fanoratana tao amin'io gazety Midi io ihany koa i Sa.


De g. à dr. : Moks Razafindramiandra (+), Franck Raharison (+), James Ramarosaona, Salomon Ravelontsalama (+), Adelson Razafy

Ny taona 2003 i Salomon Ravelontsalama no nandao ny gazety Midi ary nanorina ny gazety La Gazette de la Grande île. Io dia niarahany tamin-dry Lola Rasoamaharo, Adelson Razafy, James Ramarosaona, Patrick Andrianjafy (efa maty) ary i Franck Raharison izay nandao antsika tamin'ity taona ity ihany.


Sady mpanoratra i Sa, eo amin'ny lafiny ara-poltika, no Tale jeneraly misahana ny fandrarahana ankapobeny sy ny vola («Directeur général chargé de l'Administration et des Finances»). Satria tena orinasa tokoa izany La Gazette de la Grande île izany.

Efa ela i Salomon no tsy dia « en forme » fa tsy hoe lasa « tampoka » akory izy. Natao ny hala-nenina rehetra fa efa tonga ny ora andaozany ity tany ity.

Inona moa no ho lazaiko fanampiny ? Sady mpamangy ny vangiana ny tenako. Satria manoratra ao amin'ny La Gazette de la Grande île koa aho. Ka dia miara-ory sy mankahery ny fianakavian'i Sa iray manontolo ny tenako, ary koa ny fianakavian'ny mpanao gazety eto Madagasikara tsy ankanavaka.

Ary dia atolotra ho antsika mianakavy io tononkalo nosoratan'i Dox io ambany io.

**Jeannot Ramambazafy**



TSY HODINGANINA NY MATY…

Hotapahintsika tohy amintsika ve ny maty

Fa variana miaina isika ? Tsia fa tsapantsika anaty

Ny fitohizantsika aminy…sady isika taizany aza,

Novolainy fahavelona, notezainy fahazaza !

Na ny maty na ny velona, mpianakavy iray ihany !

Mbola homba antsika ihany ireo efa nody tany,

Misy trosantsika aminy, nefa izany dia ho efaina

Amin'ny taranatsika : izay no fitohizan'aina !

Nanaovan-dalana isika ka tsy maintsy hanao lalana !

Nananganana tanàna ka tsy hahazo hialangalana,

Namelana fahendrena ka tsy maintsy hamela hafatra,

Mba ho anatry ny velona, ireo maty dia miteny

Moa avela ho faty maso, sanatria, ny fahendreny ?

Tsy hodinganina ny maty amin'ny tohatoha-miakatra

**DOX** (Jean Verdi Salomon Razakandrainy)